# Lesona 4: Fahotana tao amin'ny Fiangonana

## A. Ny fahotan'ny fijangajangana

1. Inona No fijangajangana nitranga tao amin'ny fiangonana tao Korinto? 1 Korintiana 5:1
2. Nahoana i Paoly no tena nanahy momba ny fihetsiky ny mambra tao amin'ny fiangonana tao Korinto? 1 Korintiana 5:2, 6
3. Araka ny hevitrao, nahoana ny mambra tao amin'ny fiangonana tao Korinto no "nirehareha" fa tsy nalahelo noho izany fijangajangana teo anivony izany?
4. Inona no torohevitra omen'i Paoly ho an'ny Kristiana tao Korinto, mba tsy handeferana ny fitondrantena maloto ara-nofo na hirehareha ny amin'izany? 1 Korintiana 6:18 (jereo koa ny 1 Tesaloniana 4:1-8)
5. Inona no hevitrao momba ny torohevitry ny Paoly mikasika ny fitondrantena tokony hatao amin'ireo izay manana fitondran-tena maloto ara-nofo? 1 Korintiana 5:2, 5, 9, 11, 13
6. Nahoana ny fijangajanagana amin'ny endriny rehetra no tena manimba ny olona voakasik'izany sy ny fiangonana manontolo? 1 Korintiana 6:15-17
7. Rehefa mandositra ny fijangajangana isika, dia aiza no tokony handosirantsika? 1 Korintiana 6:18-20, Genesisy 39:7-12, Jakoba 4:7-8, sns.
8. Inona no teny fampaherezana omen'i Paoly ho an'ireo izay efa nijangajanga? 1 Korintiana 6:9-11

## B. Famahana ny olana eo amin'ny mambra ny fiangonana

1. 1 Korintiana 6:1,5-6 Inona no fomba mahazatra amin'ny famahana ny olana eo amin'ny mambran'ny fiangonana tao Korinto?
2. Nahoana no tsara kokoa ny mandamina olana araka ny torohevitr'i Jesosy ao amin'ny Matio 18:15-17?
3. Mizarà fotoana iray nanampian'Andriamanitra anao hamaha olana iray.
4. Rahoviana no ilaina ny fidirana an-tsehatry ny manampahefana (polisy, mpitsara)?

## D. Ny fanambadiana Kristiana sy ny maha-mpitovo Kristiana

1. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fanambadiana Kristiana tsara sy milamina miaro amin'ny fijangajangana? 1 Korintiana 7:1-5
2. Inona no torohevitra omen'i Paoly ho an'ireo Kristiana mpitovo tao Korinto? 1 Korintiana 7:7-9
3. Inona no torohevitra omen'i Paoly ho an'ireo izay efa manambady? 1 Korintiana 7:10-16
4. Inona no torohevitra mahasoa ho antsika rehetra? 1 Korintiana 7:17
5. Inona avy ireo lesona momba ny fanambadiana hitanao fa mahasoa avy amin'ny fianarana nataontsika androany, na mpitovo ianao na manambady?